# 365Tantara 43.Notapahiko ny tongony



# 43.Notapahiko ny tongony

Ny vehivavy mpiala-sasatra iray izay nientanentana teny amin'ny faritra lavitra ny tendrombohitra iray any Alpes, dia nifanena tamin'ny valan'ondry.



Niroso teny am-baravarana izy ary nijery ny tao anatiny.

Ilay mpiandry ondry dia nipetraka ary ny ondry rehetra nanodidina azy.

Kanefa teo amin’ ny faratakatry ny tànany ambony mololo, ondry iray no nandry ary toa mijaly. Rehefa nanantona izy mba hijery akaiky ilay izy, dia nahatsikaritra fa tapaka ny tongony, ary nijery an'ilay mpiandry ondry izy  tamin’ny endrika mpanao famotorana.



Inona ary no nahazo azy? Gaga izy fa namaly ilay mpiandry ondry hoe: "Notapahiko ny tongony!"

Hita taratra teo amin'ny tarehin'ity mpitsidika ny fanaintainana. Notohizan'ilay mpiandry ondry hoe: amin'ireo ondriko rehetra, inty no tena be ditra indrindra!

Tsy manaraka ny feoko mihintsy izy, na mandeha amin'izay itondrako ny ondry rehetra.

Efa nandeha hantsana maro izahay ary tena loza izany ho azy sy ho an'ireo namany hafa voatariny hiala amin'ny làlana marina.



Efa nahita traikefa tamin'ny ondry hafa toy azy aho, notapahiko ny tongony!

Ny andro voalohany, rehefa nanantona azy aho niaraka tamin'ny sakafo, nandramany kaikerina aho. Navelako irery izy avy eo nandritra ny roa andro.

Niverina teo aminy aho ary izao, tsy vitan'ny nihinana ny sakafo fa nolelafiny ny tanako, ary naneho marika fankatoavana sy fitiavana aza izy.



Izao no teneniko anao: rehefa sitrana soa aman-tsara izy, ary ho haingana izany, dia ho lasa modely ho an' ireo ondry rehetra.

Tsy misy hiaino tsara ny feoko, ary tsy misy hanaraka ahy akaiky.

Izao no ambaran'ny espistily ho an'ny Hebreo 12:11

"Fa ny famaizana rehetra dia tsy mba atao ho mahafaly andro anaovana, fa mampahory...fa rehefa afaka izany, dia vao mitondra ny vokatry ny  fahamarinana hiadanana ho an'izay nanaovana azy izy."